# Ny torohevitry ny Tompo ho an'ny misiônera ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30–36

Halalino ny torohevitr'ny Mpamonjy ho an'ireo olona voatanisa etsy ambany, ary mirosoa amin'ny fifanakalozan-kevitra mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 31:1–5 (Thomas B. Marsh)

- Inona avy ireo fahamarinana avy amin'ireo andininy ireo izay mety hanampy anao hahatakatra ny antony nangatahan'ny Mpamonjy antsika hizara ny filazantsarany?
- Nahoana, araka ny eritreritrao, i Jesoa Kristy no niantso ny filazantsarany hoe "vaovao mahafaly sy fifaliana lehibe"? (andininy 3). Ahoana no itondran'ny filazantsaran'ny Mpamonjy fifaliana ho anao?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:1–7, 10–12 (Ezra Thayer sy Northrop Sweet)

- Inona avy ireo fahamarinana avy amin'ireo andininy ireo izay mety hanampy anao hahatakatra ny antony nangatahan'ny Mpamonjy antsika hizara ny filazantsarany?
- Nahoana no tian'ny Tompo hotorina amin'ny feo mahery toy ny "fanenon'ny trompetra" ny filazantsarany? (andininy 2).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 34:1–7 (Orson Pratt)

- Inona avy ireo fahamarinana avy amin'ireo andininy ireo izay mety hanampy anao hahatakatra ny antony nangatahan'ny Mpamonjy antsika hizara ny filazantsarany?
- Nahoana, araka ny eritreritrao, no "mainka hotahiana" isika (andininy 5) noho isika voantso hitory ny filazantsaran'ny Mpamonjy fa tsy hino izany fotsiny?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:1–3, 6–8, 12–13 (Sidney Rigdon)

- Inona avy ireo fahamarinana avy amin'ireo andininy ireo izay mety hanampy anao hahatakatra ny antony nangatahan'ny Mpamonjy antsika hizara ny filazantsarany?
- Nahoana, araka ny eritreritrao, no miantso olona "tsy mahay" sy tsy manana traikefa ny Tompo mba hitory ny filazantsarany amin'ireo "firenena" eto an-tany? (andininy 13).

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_151-1